

Ny Valosoa sy hadihady

29 martsa 1947

Mbola misy taranak'ireo mpamadika sy mpivarotra tanindrazana tamin'izany ankehitriny

Ny talata ho avy izao no hahatsiarovana ny faha-75 taonan'ny tolom-panafahana nataon'ny Malagasy ny taona 1947. Ny mpanjanaka frantsay moa namaritra izany hetsika izany ho "fikomiana", ka nampiasa tafika nentina namoretana ny tia tanindrazana izay nitaky ny "fahaleovantena". Tsara marihina fa efa tamin'izany fotoana izany no nisy gasy niarainasa tamin'ny mpanjanaka, ka namadika sy nivarotra ny mpiray Tanindrazana taminy. Tsy tamin'io fotoana io ihany koa no nisy ny tia tanindrazana tsy nanaiky ny fanjanahana satria taona vitsy taorian'ny nandefasana an-tsesitany ny Mpanjaka Ranavalona III tany Algérie dia nijoro ny Vy Vato Sakelika (VVS). Tsy nijanona teo ny fanoherana fa nitohy hatrany. Nitsangana ny MDRM ny taona 1947, ka tsiahivina manokana ireo nitarika ity hetsika ity dia ny depiote Malagasy, Dokotera Ravoahangy Andrianavalona sy Rasetra Joseph ary Rabemananjara Jacques. Ny tena nafana tamin'ny tolom-panafahana ny tao Moramanga, izay nitifirana tao anaty fiaran-dalamby niteraka ny tantaran'ny "Wagon Moramanga", ka nahafatesana tia tanindrazana efa amana hetsiny. Izay no antony nametrahana ny antsoina hoe: "Fasan'ny Mahery Fo". Saiky nanerana an'i Madagasikara no nisy ny fanoherana ary tany amin'ireny toerana ireny dia nitsoaka niaina tany anaty ala ny mponina satria tsy fantatra intsony iza ny mpamadika. Tsy azo adinoina izany koa ny nanorenan'ny mahery fo tany Toliara ny fikambanana miaina JINY notarihan'ny Monja Jaona. Nitolona ho amin'ny fahaleovantena ireo fikambanana ireo, kanefa iarahamahalala fa nisy ny PADESM, fikambanana natsangan'ny mpanjanaka nifanandrina tamin'ny MDRM, ka rehefa voaterin'ny toe-draharaha iraisam-pirenena ny mpanjanaka ka namerina ny fahaleovantena dia niova anarana ho antoko politika PSD ny fikambanana. Nitsangana kosa ny AKFM izay nisolo toerana ny MDRM, ka ireo antoko roa ireo no nijoro teto Madagasikara. Iarahamahalala fa ny filohan'ny Repoblika I, napetraky ny mpanjanaka, Tsiranana Philibert, dia avy amin'ny PADESM. Rehefa nambara ampahibemaso ny fahaleovantena ny 26 Jona 1960 dia nave-

rina teto an-tanindrazana izy telo mirahalaha mpitarika ny MDRM, ka niditra tao anatin'ny governemanta ny roalahy, Ravoahangy Andrianavalona sy Rabemananjara Jacques fa Rasetra Joseph kosa tsy niditra tao anatin'ny, fa toa nanana fironana tamin'ny antoko mpanohitra AKFM. Rehefa zohiana ny tantara dia tao anatin'ny fitondrana nifandimby ireo antoko roa ireo na niova aza ny anarany, tamin'ny Repoblika II dia samy nivaky roa izy ireo. Ny JINY notarihan'ny Monja Jaona kosa dia nanohitra hatrany ary nitondra ny anarana MONIMA izay toa iretsy antoko roa ihany dia nivaky roa, telo mihitsy aza. Nitombo ho fito ny antoko tao anatin'ny fitondrana tamin'ny Repoblika II noho ny fivakivakisana sy ny antoko vaovao niforona. Efa hita taratra tamin'izany fotoana izany fa tsy ny hanavotra ity Firenena ity hiala amin'ny fanjanahantany amin'ny endriny vaovao na hampivoatra ny faripeianan'ny Malagasy ho amin'ny tsaratsara kokoa ny tanjon'ny politisiana gasy matoa misy antoko politika aman-jatony amin'izao fotoana izao. Tsy fitiavan-tanindrazana no manesika ny politisiana gasy, fa fikatsahana tombontsoa manokana amin'ny alalan'ny fitadiavan-tseza hananana fahefana ho entina mamoritra na manambaka ny mpiarabelona. Amin'izao Repoblika IV-2 izao dia tsy miaina, iza amin'ny mpisehatra ara-politika no taranaky ny mpivarotra Tanindrazana sy tsy menatra ny mivarotra ny mpiray tanindrazana amin'ny fomba rehetra. Tsy nahomby ny fampidiana ny samy Malagasy, tamin'ny alalan'ny adim-poko, na dia anisan'ny fitaovana nampiasaina izany, fa nandamoaka. Amin'izao fotoana izao dia misy taranaky ny mpanjanaka mitady handranitra izany noho ny tombontsoan'ny faritra sa noho ny tombontsoan'ny fianakaviana. Tsy hampandroso ny Tanindrazana iombonana izany satria tsy faritra iray, na foko iray no manana ny herin-tsaina sy herizika ary fahaizamanao ho amin'izany, fa ny fivondronan'ny Malagasy tsy vakivolo, satria "izay mitambatra vato, fa izay misaraka fasika", ary tsy ny fitambarana amin'ny ratsy no hitondra fivoarana.

Andy Tsiavalona

facebook NY VALOSOA
Gazety miseho intelo isan-korindro
(Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Tsy mamely mihitsy ny fitantanan'i Vazahabe ny CUA

Arphine Rahelisoa Helisoa: betsaka ny mpiasan'ny kaominina CUA no tena mitaraina amin'ny fitondran'ny ben'ny tanàna Vazahabe, fa tena tsy mamely mihitsy ny fitantanan'ny mahatsiaro an'i Neny mihintsy ankehitriny ny mpiasa sy Antananarivo.

Zouzie Lezo : fa ireo mpiasan'ny kaominina Cua latsa-panenenana ireo koa anie, ka tsy tia an'i Neny tamin'izany e, ary nanao ny fomba rehetra hanaratsiana azy. Zakao ny anareo fa toa miendrika fitiavan-tena ihany. Ratsy saina ve zany zah ?

Arphine Rahelisoa Helisoa: Zouzie Lezo: misy ny tia, misy ny tsy tia , fa ilay tsy tia tamin'ireny zao no tena latsa-panenenana.

Lalaina Ryan: Arphine Rahelisoa Helisoa: aleo hanenina any.

Reyna Rabiaza: Zouzie Lezo: za koa manana fijery mitovy @ izany hoe: Sao ny vahoaka Malagasy mihitsy no maditra sy sarotra entina ? Satria depuis 1972 nge ka tsy mitsahatra manakiana, tsy afapo sy manongana/manala @ fifidianana izay rehetra tonga teo isika e ? (1972, 1991, 1993, 1997, 2001, 2009, 2013, 2018). Tsy mbola nisy mpitondra teo ka tsy nahazo kiana na iza n'a iza ? Ny vahoaka anefa tsy miova..

Alice Hantaniriarivelo: nitady raharaha koa ange Antananarivo eh... nifidy ...

Liva Rafanomezantsoa: misy amin'ireo olona tsy tia an'i Naina Vazaha amin'izao ireo no tena nanenjika mafy an'i Neny mihitsy, ary nitsangan-ko fahalalony mihitsy, tamin'izany andro izany!

Martial Tovonirina: iza moa no tsy alahelo an'i Neny izany e! Na ny anarany aza hoe Neny.

Fara Holinirina Ramiandrasoa: ireo tsy tia an'i Neny izany dia mendrika azy ny manjo azy @ izao e! Toy izany koa ireo nifidy io vazaha io.

Lala Yves Randrianantenaina : vahoaka malagasy koa ho avy hanongotra an'i Vazahahabe!

Marie Dinvan : nenina tsy aloha ananatra fa aoriana handatsa.

RAMAMONJISOA REGIS

Avelao malalaka ny rehetra hanao asa sôsialy

Tokony havela malalaka ny olom-pirenena sy ny fikambanana ary ny antoko politika, izay manatantetraka fitetezam-paritra amin'ny fanaovana asa sôsialy hoy Andriamatoa Ramamonjisoa Regis, mpanao politika, satria mandala fotoan-tsarotra ny firenena ankehitriny. Nanohy fanazavana ity mpanao politika ity, fa ny fitiavan-tanindrazana no mibaiko na ireo olona izay manome ny fanampiana, ka tsy tokony hampiangaina ho manao fampielezan-kevitra mialoha, na koa tsy fitiavana ny mpanohitra. Nanamafy Andriamatoa Ramamonjisoa Regis, fa tsy misy lalàna mifehy ny fanaovana fampielezan-kevitra mialoha eto Madagasikara, noho izany tsy tokony hasiana resabe na koa handrangitana adim-poko intsony, raha misy mpitondra fanjakana, na vondrona mpanohitra manatantetraka fitetezam-paritra, na fitetezana tsena, ho fanampiana ny mpiara-belona aminy. Ankoatra izany dia nilaza ity mpanao



Ny mpanao politika Ramamonjisoa Regis.

politika ity, fa tokony hibanjina sahady amin'ny mety ho fiakaran'ny vidim-piainana sy ny vidim-bary afaka enim-bolana ho avy ny fitondram-panjakana, satria ho lany ny tahirintsolika eto Madagasikara ary atahorana ny fiakaran'ny vidim-piainana vokatry ny fisian'ny krizy maneran-tany, nohon'ny ady any Ukraina. Ekena hoy Andriamatoa Regis, fa tsy nisy mpitondra nanao politikam-pitantanana mazava hifehezana ny vidim-piainana teto Madagasikara kanefa, tokony hametraka paik'ady

mazava hahafahana miatrika ny Krizy, mba tsy hisy fiantraikany ratsy amin'ny fiainam-bahoaka ny fitondram-panjakana manomboka izao. Nanolotra soso-kevitra ity mpanao politika ity, fa tokony hiroso amin'ny fizarana masom-boly sy zezika ho an'ny tantsaha manerana ny nosy ny Ministeran'ny fambolena manomboka izao ary tokony hanome tosiaka ara-pitaovana sy manome tany hambohlen'ny tantsaha ny tompon'andraiki-panjakana. Nanamafy ity mpanao politika ity, fa azon'ny Minis-

teran'ny mponina atao ny manatsara sy manampy tosiaka an'ireo olona izay monina any amin'ireo toerana mamokatra manga-hazo sy vomanga ary katsaka, hampianatra an'ireto farany amin'ny famatsiana ny tsena anatin'ny, mba hisorohana ny fanafaran'i Madaagsikara vary sy vokatra hafa any ivelany. Mampiomana ny fitondram-panjakana Andriamatoa Ramamonjisoa Regis, fa tsy maintsy hisy fiantraikany eto Madagasikara ny fiakaran'ny vidim-piainana any amin'ireo firenena matanjaka, noho izany tokony hanao izay ho afany amin'ny fanatanterahana ny paikady entina hanarenana ny firenena ny mpitondra ankehitriny. Namarana ny fanehoan-keviny i Regis, fa tsy vahaolana intsony ny tsikera sy ny fanenjehana olona be fahatany ataon'ny mpanao politika sasany, manoloana ny fivoaran'ny raharaham-pirenena izay miharatsy andro aman'alina.

Franck Razakambelo

TOMONKALO

Mifanohana amin'ny ratsy

Mifanohana amin'ny ratsy ny ao anaty fitondrana. Tena tsy iainana eto ny hoe "tany tan-dalàna". Olon-tsotra na mpanohitra, ireny hatrany no tsaraina, Fa ny manampahefana dia mazàna afa-maina !

Halatra mibaribary, fanodinam-bola goavana, Dia mbola arovana ny akama, ampandisirina ny havana. Mody esorina kinanjo avy eo averina amin'ny toerany, Ka lalina ny fidedahany ary koa ny fihoerahoerany !

Tsy manam-pahaleovantena ny ao anaty fitsarana. Tsidritsindry, teritery, no iainana ao mazàna. Tsy fialofan'ny malemy izay mitady fiarovana, Fa fibahanan'ireo ngeza miaina anaty fahalovana !

Mifanohana amin'ny ratsy ny ao anaty fitondrana. Akama tokony higadra, tampoka eo dia tsy voatana, F'any ampitan-dranomasina no indro makamaka aina, Ka dia tena mahagaga sady mahalasa saina !

Ireo miteny, manakiana, ireny foana no enjehina, Sao ho vaky am-batolampy irony ratsy izay kotrehina, Fa iretsy jiolahy sy ny mpangalatra malaza Dia tsy misy mba voakitika fa omena vahana aza.

Izao ilay endri-pitondrana tena tsisy kalitao, Fa ny mpangalatra no sisa mifanohantohana ao. Tsy misy zavatra manjary f'efa fantatra ny ho vokany, Toy izay efa nanakotrika irony atody efa lamokany !

TSIMIMALO (23-03-22)